Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 ,rue de Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél: 01 45 96 03 05

Athis-Fanantenana

Siège Paroissial : Centre Paroissial 10, Rue Etienne Lebeau
Lieu de Culte : Église Saint-Denis , 8 Place de l'Église 91200 ATHIS-MONS
Tél : 01.69.38.53.26 & 06.52.53.22.56 & 06.76.14.71.40

---

*«Efa niady ny ady tsara aho ; nahatanteraka ny fihazakazahako aho ; nitahiry ny finoana aho ; hatrizao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitry ny fahamarinana, izay homen'ny Tompo, Mpitsara marina, ho ahy amin'izay andro izay… » (2 Timoty 4 :7-8)*

**ZOMA 09 DESAMBRA 2022**

**FOTOAM-PIVAVAHANA FISAORANA AN'ANDRIAMANITRA AMIN'NY FANDEVENANA AN'ANDRIAMATOA RAVELOARISON Désiré, Diakona**

**Mitarika sy mitoriteny: Ny Mpitandrina RAZAFIMAHATRATRA Marcellin Ismaël**

---

**Zava-maneno : Hira :** *'Lay Soanierana*

**(*Feo sy Tonony : Rambeloson Rain'Atoa Raveloarison Désiré-Fjkm Soanierana)*

***(Fidirana, mitsangana ny olona)***

**Mpitarika :** Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

**Fiangonana :** Amen (mipetraka ny Fiangonana aorian'izany)

**FIARAHABANA APOSTOLIKA**

**Hira** ***Hisaotra an'i Jéhovah lalandava aho (Salamo 34).***

**VAVAKA**

**Hira 471 :1,2**

**FAMAKIANA NY TENIN' NY SORATRA MASINA**

Testamenta Taloha sy Epistily : **Isaia 40 :6-8 ; 2 Timoty 4 :7-8**

Filazantsara: **Jaona 11 :25-36**

**Fiangonana : Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara ! Amen**

**Hira 476 :1,4**

**TORITENY**

**Feon'orgue malefaka dia malefaka sy vavaka mangina**

**VAVAKA**

**+ « Rainay Izay any an-danitra »**

**Hiran'ny Fianakaviana**

**TENY FISAORANA ATAON'NY SOLOTENAN'NY FIANAKAVIANA**

**Hira** ***Antema 16 (Isaoranay Jéhovah Tomponay)***

**TSODRANO**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo*

**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao*

**Mpitarika :** « Andriamanitry ny fahasoavana rehetra Izay efa niantso anareo ho any amin'ny voninahiny mandrakizay ao amin'i Kristy rehefa niaritra fahoriana vetivety ianareo, dia Izy no hahatanteraka sy hampiorina ary hampitoetra anareo ».

**Fiangonana :** Amen

**Mpitarika :** Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina Izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay, amen.Mandehàna amin'ny fiadànana, ka manompoa ny Tompo ary torio amin'ny teny sy ny asa ny Filazantsara.

**Fiangonana :** Isaorana anie Andriamanitra.

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.Amen

**Fivoahan'ny razana** ***Hira :Hanandratra Anao aho (Fihirana Salamo 145 :1-4)***

**ENY AMIN'NY FASANA**

## FIARAHABANA APOSTOLIKA

**Hira**

## VAVAKA

## FANEKEM-PINOANA APOSTOLIKA

**Mpitarika :** ***Hanambara ny finoantsika isika amin'ny alalan'ny Fanekem-pinoana Apostolika*** **« Mino an'Andriamanitra Ray Tsitoha, Mpanao ny lanitra sy ny tany aho. Ary mino an'i Jesoa Kristy Zananilahy TokanaTompontsika, Izay notorontoronina tamin'ny Fanahy Masina, naterak'i Maria Virijiny, nijaly raha nanapaka Pontio Pilato, nohomboana tamin'ny hazofijaliana, maty ka nalevina nidina tany amin'ny fiainan-tsy hita , nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo , niakatra ho any an-danitra, mipetraka eo an-kavanan'Andriamanitra Ray Tsitoha, avy any no hihaviany hitsara ny velona sy ny maty. Mino ny Fanahy Masina aho, ny Fiangonana Masina manerana izao tontolo izao, ny fiombonan'ny olona masina, ny famelan-keloka, ny fitsanganan'ny tena amin'ny maty ary ny fiainana mandrakizay. Amena. »**

**TSODRANO :** « Ary Andriamanitry ny fanantenana hameno anareo amin'ny fiadanana rehetra amin'ny finoanareo, mba hitomboanareo amin'ny fanantenana, noho ny herin'ny Fanahy Masina. Ho aminareo ny fahasoavan'i Jesoa Kristy Tompo ». Amen

Eo am-panitrihana ny razana no hanaovantsika ny hira